# Hotspot Madagascar et des îles de l'Océan Indien

## Fiantsoana tetikasa madinika

Ity fiantsoana tetikasa ity dia miompana amin'ny famatsiam-bola madinika ho an'ny fiarovana ny harena voajanahary eto amin'ny faritry ny ranomasimbe indiana : Madagasikara,Comores

**Daty farany fametrahana tetikasa : zoma 29 septambra 2017**

## I-Fanamarihina amin'ny ankapobeny

Ny Fonds de Partenariat pour les écosystèmes critiques (CEPF) dia manao **fiantsoana tetikasa miompana amin'ny famatsiambola madinika** ho an'ny fiarovana ny harena voajanahary ho an'ireo fikambanana tsy miankina, vondrona ifotony, na orinasa tsy miankina, na Oniversite, na fikambanana miasa hoan'ny fiarahamonimpirenena .
Ity fiantsoana tetikasa ity dia natokana hoan'ny **tetikasa madinika (59 557 022 Ariary),** atolotry ny Ratsamangaika ety Ifotony ho an'ny faritra Madagasikara sy Nosy Comores.

Ny CEPF, Tahirimbola ho an'ny harena voajanahary tandindonin-doza dia natao hiarovana ny faritra anisany manankarena ara-biolojika no sady tandindonin-doza ho lany tamingana eto an-tany, izay atsoina hoe « Hotspot de biodiversité". Ny CEPF dia fiarahamientan'ny mpiara-miombon'antoka maro toy ny tahirimbola frantsay ho an'ny fampandrosoana (Agence Française de Développement), Conservation International, ny Vondrona eropeana, ny Tahirimbola iraisam-pirenena ho an'ny tontolo iainana (Fonds pour l'Environnement Mondial), ny governemanta japoney, ny tsanganasa John D, ny Catherine T. MacArthur ary ny Banky Iraisam-pirenena. Ny tanjona ankapobeny dia ny fampandraisan'anjaran'ny fiaraha monimpirenena amin'ny fiantohana sy ny fiarovana ireo harena voajanahary.

Azo jerena ny antontan-kevitra fanampiny momba izany ao amin'ny www.cepf.net.

Ny CEPF dia efa niasa tamin'ireo Hotspot eto Madagasikara ny taona 2001 ka hatramin'ny 2006, ka mitentina 4,25 Tapitrisa dolara amerikana no nampiasaina tamin'izany. Nitohy ny taona 2009 ka hatramin'ny 2012 ny fanohanana izay nitentina 1,4 Tapitrisa Dolara Amerikana. Manoloana ny filàna nosoritan'ireo fiarahamonimpirenena, mpamatsy vola ary ny governemanta, ny filan-kevitry ny mpamatsy vola ny CEPF dia nangataka tamin' ny Mpitantsoratra ny CEPF ny taona 2012 ny hamoahana andiany famatsiam-bola vaovao; izay mahasahana an'i Madagasikara sy ireo nosy eto amin'ny faritry ny ranomasimbe indiana ihany koa: Madagasikara, Maurice, Seychelles, Comores.

Ny famaritana ny fotoana sy ny paik'ady hanatanterahina fampiasam-bola ny CEPF – voarafitra ao anatin'ny "Profil d'Ecosystème" dia niarahana namolavola tamin'ny solon-tenan'ny fiarahamonimpirenana, ny governemanta, ny Mpamatsy vola ary ireo manampahaizana manokana amin'ireo nosy manodidina ny volana jolay 2013 hatramin'ny 2014.

Ny Filankevitry ny Mpamatsy vola ny CEPF dia nankatoa ny «Profil d'écosystème» ny volana jolay 2014, izay tafiditra tao anatin'ny drafitra fampiasana vola nandritra ny 5 taona, mitentina 8,265 Tapitrisa Dolara ny vola ampiasaina mandritra izany. Io paikady io dia mamaritra ihany koa ireo laharam-pahamehana ho vatsiana vola mandritra ny fe-potoana voatondro. Ny Fondation Tany Meva, Ratsamangaika ety IfoTony ho an'ny faritra Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana (na RIT) dia hiara-hiasa akaiky amin'ny mpanolotsaina ny CEPF mba hahatratrarana ny tanjona izay napetraka tao anaty paikady. Ny RIT dia hanampy ireo fikambanan'ny fiarahamonimpirenena hamantatra sy hanomana ireo tetikasa voaray, hanampy azy ireo mandritra ny fizotran'ny tetikasa ary hanamora ny fampitàna ny fampiofanana ny fahaiza-manao rehetra.

**Ny tetikasa azo raisina dia ireo tetikasa mahasahana ireto nosy ireto: Madagasika sy Comores**

Iangaviana isika mba hamaky tsara ny fanazavana eto ambany mikasika ny antsimpirihan'ny fampiasam-bolan'ny CEPF sy ny fepetra rehetra momba ny fangatahana tetikasa.

**Entanina hamaky tsara amin'ny antsimpirihany ny "Profil d'Ecosystème de Madagascar et des Iles de l'Océan Indien" ireo mikasa handray anjara amin'ny fiantsoana tetikasa ary indrindra hanaja ny fe-potoana napetraka sy ny paik'ady hamatsiana vola voarakitra ao amin'ny «Stratégie d'investissement du CEPF (chapitre 12)».**

**Misy ny famintinana ny « Profil d'écosystème » sy ny paik'ady mahasahana ny fampiasam-bolan'ny CEPF ety aminy faritry ny ranomasimbe indianina, mamaritra ireo tari-dalana sy ny laharam-pahamehana, hita amin'ity rohy ity : www.cepf.net/fr/appels_a_projets (dika-teny frantsay)**

**Ny dika-teny Malagasy dia hita ao amin'ny tranokalan'ny Fondation Tany Meva: www.tanymeva.org**

**Hamafisina etoana ny fanentanana ireo hanolotra tetikasa hamaky ireo tahirin-kevitra ireo ahafahany manamafy ny fifandrifian'ny tetikasa aroso amin'ny tanjon'ny CEPF**

**_**

**Ireo tetikasa atolotra dia tsy maintsy manaraka ny lasitra fandrafetana tetikasa voatondro etsy ambany, ary alefa amin'ireo adiresy voalaza eo ihany koa : fizarana faha- IV**

## II-Masontsivana momba ny fangatahana tetikasa

Marihina fa ity fiantsoana tetikasa ity dia misokatra ho an'ny Tari-dalana sy Laharam-pahamehen'ny famatsiam-bola voalaza ao amin'ny Tabilao 1 eto ambany.

**Marihina fa ny CEPF, izay miditra amin'ny faha-telo-taonan'ny famatsiam-bola dia mitady ireo tetikasa mahafeno ny tanjona tiany hotratrarina. Noho izany dia entanina ny mpanolotra tetikasa mba hamaky tsara ny fepetra voalaza amin'ny fizarana II.1 eto ambany. Ireo fangatahana tetikasa tsy mamaly ireo tanjona manokana voalaza ato anaty ny Fiantsoana tetikasa dia tsy azo ekena.**

Ny CEPF dia mamporisika ireo mpanolotra tetikasa hiara-hiasa amin'ireo mpiara miombon'antoka avy amin'ny sehatr'asa isan-tokony mba hahatratrarana ny lamin'asa voalaza. Anisan'izany ny fikambanana mpanjono, ny fikambanana tantsaha, ny fikambanana misahana ny fizahantany sy ny sehatra tsy miankina, ny Fikambanana miasa ho an'ny fampandrosoana sy ny tontolo iainana ary ireo manampahaizana manokana momba ny harena voajanahary; kendrena indrindra ny hisian'ny fiarahamiasa mahomby.

**Tabilao 1: Tari-dalàna sy Laharam-pahamehana ho an'ity fiantsoana tetikasa ity**

| TARI-DALANA | LAHARAM-PAHAMEHENA FAMATSIAM-BOLA |
|---|---|
| **1 – Fanomezana ireo vondron'olona eny ifotony ny enti-manana amin'ny fiarovana sy ny fitantana ny harena voajanahary misy azy izay tafidira ao anatin'ny faritra Voalaza ao amin'ny laharam-pahamehana napetraka** | 1.1 Fanohanana ireo vondron'olona eny ifotony amin'ny fikarakarana sy fametrahana ny fepetra hiarovana ny harena voajanahary amin'ny ny tsindry mihàtra ao anatin'ny faritra voalaza amin'ny laharam-pahamehena.<br><br>1.2 Fanohanana ny fametrahana modely ekonomika ahafahana miaro ny harena voajanahary no sady manampy amin'ny fanatsarana ny fari-piainana eny ifotony hany koa<br><br>**1.3** Fanohanana ny fahaizamanao ara-tekinika, ara-bola, ara-pandraharahana ny fikambanana eny ifotony sy ireo mpiara-miombon'antoka rehetra,<br><br>**TANDREMO : Mahakasika ireo Faritra voaaro voatanisa ao amin'ny Tabilao 2 irery ihany** |
| **2 – Fanampiana ireo fiarahamonimpirenena amin'ny fampidirana ny fiarovana ny harena ao amin'ny dingana fanapahan-kevitra ara-politika sy ara-toekarena** | 2.1 Fanampiana ireo ratsa mangaika sy ny sampam-pikarohana miasa eo anivon'ny Hotspot mba hanatsarana ny fahaizana fototra |

| | |
|---|---|
| | momba ny harena voajanahary sy ny Rohivoahary voafantina<br>**TANDREMO : Mahakasika ireo tetikasa miompana momba ny fanatsarana ny fahaizana fototra momba ny harena voajanahary sy ny Rohivoahary voafantina ao amin'ny Nosy ( COMORES) irery ihany fizarana II-2.1** |

## II-1 Torohevitra momba ny Tetikasa mikasika ny Tari-dalàna voalohany

Mandritra ny sivana hatao momba ny tetikasa voaray, ny CEPF dia mijery manokana ireo ny fandraisan'andraikitra ifoton'ireo rafitra manolotra tetikasa. Ireo paikady momba ny fomba hampaharitra ny tetikasa dia hojerena manokana ihany koa.
Ireo tetikasa mijery manokana ireo fomba ahafahana mametraka ny fitantan'ireo fondron'olona eny ifotony ireo harena voajanahary sy mitady ny fametrahana modely ara-toekarena ahafahana miaro ny harena voajanahary no sady manampy amin'ny fanatsarana ny faripiainana eny ifotony ihany koa dia hasiana lanjany manokana.
Ny tetikasa ahafahana mametraka na manomana ny fametrahana valanjava-boahary voaaro vaovao amin'ireo faritra laharam-pahamehana izay tsy mbola misy rafitra mpitantana dia omena lanja manokana ihany koa.

**Ireo tetikasa mahasikaka ireo faritra hafa ankoatr'ireo voatanisa ao amin'ny tabilao 2 eto ambany dia tsy hasiana lanjany .**

Ny laharam-pahamehana voalaza ao amin'ny tabilao 1 ihany no afaka mahazo famatsiam-bola. Ireo tetikasa mifandraika amin'ny laharampahamehena hafa dia tsy hojerena ao anatin'ity fiantsoana tetikasa ity. Ny andinidininy rehetra momba ireo laharam-pahamehena ireo dia voalaza ao anaty ny "Profil ecosystème"

**Tabilao 2 : Lisitry ireo faritra voakasika ny Tari-dalana 1 (Fanomezana ireo vondron'olona eny ifotony ny enti-manana amin'ny fiarovana sy ny fitantana ny harena voajanahary misy azy izay tafiditra ao anatin'ny faritra Voalaza ao amin'ny laharam-pahamehana napetraka)**

| | |
|---|---|
| **MADAGASCAR: Paysage Kirindy-Mangoky** | |
| MDG-92 | NAP Complexe Mangoky-Ankazoabo |
| **MADAGASCAR: Paysage Menabe** | |
| MDG-2 | Ambalibe Menabe |
| **MADAGASCAR : Groupe des forêts et zones humides littorales de l'Est** | |
| MDG-137 | Pangalane Nord |
| MDG-209 | Zone humide d'Ambila- Lemaintso |
| **MADAGASCAR : Paysage de Mikea** | |
| MDG-9 | AMP de Nord Salary |
| MDG-11 | AMP de Tsinjoriake-Andatabo |
| MDG-12 | AMP de Velondriake |
| MDG-67 | NAP Amoron'i Onilahy et RivièreOnilahy |

| | |
|---|---|
| MDG-127 | NAP Sept Lacs |
| MDG-175 | Réserve Spéciale de Beza Mahafaly |
| **MADAGASCAR : Paysage du Nord-Ouest** | |
| MDG-85 | NAP Baie de Bombetoka –Marovoay |
| MDG-132 | NAP Zone humide de Port-Bergé |
| MDG-143 | Parc National de la Baie de Baly |
| MDG-211 | Zones humides de Maevatanana-Ambato-Boeny |
| MDG-4 | Ambato-Boeny |
| **COMORES:**<br><br>**Ireo faritra rehetra laharam-pahamehana ho an'ny zavaboahary ao Comores, araka ny voatanisa ao amin'ny Profil d'Ecosystème, ankoatra ny Parc Marin de Mohéli** | |

## II-2 Torohevitra momba ny Tari-dalana 2

### II.2.1 Hoan'ny Laharam-pahamehana 2.1

Mikasika ity laharampa-hamehana ity, sy nohon'ny zavamisy momba ireo tetikasa efa sahanin'ny CEPF dia tsy hijery afatsy ny mahakasika ireo tetikasa miompana amin'ny fanatsarana ny fahaizana fototra momba ny harena voajanahary sy ny Rohivoahary voafantina miompana momba ny nosy COMORES irery ihany.

Ho an'ny asa eny ifotony mahakasika ireo tetikasa miompana amin'ny fanatsarana ny fahaizana fototra momba ny harena voajanahary sy ny Rohivoahary dia afaka tanterahina manerana ny nosy Comores eny fa na ivelany faritra laharam-pahamehana aza. Ny tetikasa mahakasika ireo karazan-javaboahary manokana (biby na zava-maniry) na faritra manokana izay tsy mbola voakasiky ny asa fiarovana dia omena laharam-pahamehana.

Ny mpanolotra tetikasa dia amporisihina hanome lanja manokana ny fanamafisana ny fiarahamiasa sy fifanakalozana traikefa misy eo anivon'ny Nosy Comores.
Ny fanomezan-danja ny fandahara-piofanana mahakasika ny tanora (Master, Thèses) eny anivon'ny sampam-pikarohana dia amporisihina manokana. Na izany aza dia tsy afaka ny hamatsy vola ny fandefasana mpianatra hamita fianarana ambony ny CEPF.

**Ity laharam-pahamehana ity dia tsy voatery hikasika ny Faritra voantendry irery ihany. Na izany, mamporisika ireo mpanolotra tetikasa mba hiasa eny anivon'ny faritra efa hiasan'ny CEPF ankehitriny**. Noho izany, asaina ireo mpanolotra tetikasa mba hijery izany ao amin'ity roy manaraka ity: http://www.tanymeva.org/cepf/zones-dintervention-mad-io/

## III- Sivana

Ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana, fikambanana eny ifotony, orinasa tsy miankina, oniversite ary ireo mpikambana ao amin'ny fiarahamonimpirenena dia afaka mangataka famatsiambola daholo.

Ny orinasa, fikambanana aram-panjakana na rafitra mifandray amin'ny Fanjakana dia afaka mandray anjara raha toa ka mahafeno ireto fepetra eto ambany ireto:

- Manana fahaleovantena ara-dalàna amin'ny fanapahan-kevitra ka tsy miankina amin'ny Fanjakana
- Manana fahefana hangataka sy hahazo famatsiambola manokana
- Tsy afaka milaza fiandrianany tsimatimanota

Ny famatsiana ara-bola izay azo dia tsy azo ampiasaina amin'ireto voatanisa eto ambany ireto :

- fividianana tany, famindràna olona tsy ara-drariny, indrindra fa manova ny fampiasana ny tany na fandrarana ny fahazoana nentim-paharazana ny fampiasana ny harena voajanahary , na zavatra atao izay manana voka-dratsy eo amin'ny kolontsaina, indrindra ireo manandanja amin'ireo vondron'olona eny ifotony ;
- Ny asa mety hisy fiatraikany ratsy eo amin'ny fomba fiainan'ny mponina sy ireo tetikasa tsy nankatoavin'ny mponina ao
- Ny fanesorana na fanovana ny harena ara-kolotoraly ( indrindra fa ireo toerana ara- arkeolojika, paleantolojika, tantara, fivavahana …)

Ny asa rehetra izay hokasaina tanterahina ao anaty tetikasa dia tsy maintsy manaja ny rafitra ara-politika fiarovana sy politika ara-tsosialy ny CEPF izay hita ao amin'ity trano kala ity : http://www.cepf.net/grants/Pages/safeguard_policies.aspxx

## IV- Torohevitra fanampiny/ Fanontaniana sy Valiny

**Fetra ny teti-bola azo angatahina momba ity tetikasa ity?**

Ity fiantsoana tetikasa ity dia natokana ho an'ny tetikasa madinika latsaky ny **AR 59 557 022** izany hoe 19 999 $ nefa tsy tokony ho latsaky ny 5 000 $ ny tetikasa iray noho ny fiovaovan'ny sandam-bola eto amitsika.

**Momba ny faharetan'ny tetikasa?**

Tokony tsy ho tara ny 31 martsa 2020 ny fahavitan'ny asa. Mamporisika ireo mpanolotra tetikasa ny hamerana ny faharetan'ny tetikasa ho 2 taona.

**Afaka manolotra tetikasa maro ve ny mpanolotra tetikasa iray?**

Eny, afaka manolotra tetikasa mihoatra ny iray ny mpanolotra tetikasa fa noho ny toe-bola izay voafetra dia tsara raha toa ka iray ihany ny tetikasa hatolotra.
Eo ankilany dia misy ihany koa ny Fiantsoana tetikasa lehibe ( mihoatra ny 20 000 $ ) koa tsara raha toa ka tsy manolotra tetikasa mitovy ho an'ireo karazana fiantsoana tetikasa 2 ireo ( madinika sy lehibe).

**Iza avy no afaka manolotra tetikasa ?**

Ity fiantsoana tetikasa ity dia misokatra ho an'ireo voalaza ao amin'ny fizarana III. Ny tetikasa momba ny faritra Madagasikara sy Comores irery ihany no voakasiky ity fiantsoana tetikasa ity.
Ny Fikambanana avy any amin'ny firenena hafa dia afaka mangataka tetikasa raha toa ka any amin'ireo firenena voakasiky ny fiantsoana ny asa fiarovana ho tanterahina .

Marihina fa ny fikambanana avy amin'ny departemanta sy ny faritra frantsay (DOM,TOM) izay tafiditra ao anatin'ny Hotspot dia afaka mangataka tetikasa momba ny asa fanamafisana ny fiaraha-miasa isam-paritra ho

an'ny tombontsoan'ny firenena roa voalaza etsy ambony . Hatreto, ny CEPF dia tsy afaka manohana ara-bola ny tetikasa ao amin'ny departemanta sy faritra frantsay.

**Inona avy ireo mason-tsivana mba hahalany ny tetikasa iray?**

Ireo tetikasa momba ny laharam-pahamehana voalaza ao ami'ny Tabilao 1 irery ihany no voakasiky ity Fiantsoana tetikasa ity.
Ireo faritra voatendry manokana ao amin'ny Tabilao 2 irery ihany no voakasiky ny Fiantsoana tetikasa.
Ny fizarana II dia manome ireo torohevitra manokana momba ity Fiantsoana tetikasa ity.
Izay tetikasa tsy mifanaraka amin'ireo masontsivana voalaza etsy ambony ireo dia tsy azo ekena.
**Marihina etoana fa ny tetikasa atolotra dia tokony hisy fiantraikany mivantana momba ny fiarovana ny zavaboahary.**

**Fomba fametrahana ny Fangatahana tetikasa?**

Ny Antontan-taratasy sy ny lasitra momba ny fiantsoana tetikasa dia azo alaina ao amin'ny tranokalan' ny CEPF na Fondation Tany Meva amin'ity rohy manaraka ity:

- Lasitra Teny Malagasy **: http://www.tanymeva.org/cepf/appel-a-projets-mad-io/**

Ny taratasy fangatahana tetikasa dia tsy maintsy voapetraka ao amin'ity adiresy mailaka manaraka ity : cepfritmadio@tanymeva.org fara faha tarany ny **Zoma hafa 29 septambra 2017, amin'ny sasa-kalina ( ora Washington DC, USA).**
Ny mari-pandraisana ny antontataratasy dia hamafisina amin'ny mailaka

Hoan'ireo Fikambanana miasa lavitry ny " Seraseram-pifandraisana" sy saro-dalàna dia afaka mandefa ny Fangatahana tetikasa an-taratasy amin'ity adiresy manaraka ity: **LOT I A I 1 BIS Ambatobe – Tanà 103,** fara faha tarany ny **Zoma hafa 29 septambra 2017, amin'ny 4 ora hariva ( ora Madagasikara)**

**Ireo taratasy fangatahana tetikasa tonga ao aorinan'io daty voalaza etsy ambony sy tsy nampiasa ny lasitra manokana momba ny tetikasa dia tsy azo ekena.**

**Ny dingana manaraka?**

Ao aorinan'ny **Zoma hafa 29 septambra 2017**, ny Ratsamangaika ety IfoTony ho an'ny faritra Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana (na RIT) dia manao ny sivana voalohany fara faha tarany 30 andro ao aorinan'io daty io.
Ny mari-pandraisana ny antontataratasy dia hamafisina amin'ny mailaka

Hampahafantarina ny tohiny rehetra momba ny fangatahana nataony ireo mpanolotra tetikasa.
Ny taratasy fangatahana dia efa manamarika fa tsy maintsy hisy ny sivana, ny RIT no manao ny tombana. Hisy ny fandraisana anjaran'ireo manam-pahaizana manokana amin'ny fifantenana sy fandalinana ny tetikasa; ary ireo tetikasa voasafidy, dia handalo fankatoavana avy amin'ireo komity mpanampa-kevitra amin'ny famatsiam-bola.

Ny RIT dia hamaly ireo fangatahana manomboka ny volana faha-4 aorinan'ny fetra farany fametrahana ny tetikasa.

## Seraseram-pifandraisana

Ny ekipa ny Ratsamangaika ety IfoTony ho an'ny faritra Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana (na RIT) dia vonona ny hamaly ireo fanontaniana momba io fiantsoana tetikasa io.

Miara RAJAOBELINA, momba ny Faritra:

- Corridor du Paysage Kirindy-Mangoky, Madagascar
- Corridor du Paysage Nord-Ouest, Madagascar
- Corridor de Mikea
- Corridor de Manabe

Monique RANDRIATSIVERY, momba ny Faritra:

- Groupe des forêts et zones humides littorales de l'Est
- Comores

Ireo liana amin'ity fiantsona ity dia afaka mangataka fanampim-panazavana, na fanamarihina fanampiny amin'ny ity adiresy mailaka ity hatramin'ny **15 aogositra 2017**: cepfritmadio@tanymeva.org

Ny valiny fangatahana fanampim-panazavana voamarina dia havoaka ao amin'ny tranokala ny CEPF: www.cepf.net/grant sy ao amin'ny tranokala ny Tany Meva: http://www.tanymeva.org/cepf/appel-a-projets-mad-io/